

Auteur????

NY MAHA  
TSINDRIMANDRY  
NY SORATRA MASINA  
SY NY FAHEFANY

**Bibles**  
**et Publications Chrétiennes**  
30, rue châteaouvert BP 335  
F-26003 Valence CEDEX (France)

## **NY MAHA TSINDRIMANDRY NY SORATRA MASINA SY NY FAHEFANY**

Mahazo vahana mihitsy amin'izao vanim-potoana iainantsika izao ilay foto-pampianarana izay manitrikitrika fa tsy ho takatry ny sain'olombelona na oviana na oviana ny hahalala ny tena marina mikasika ny zavatra iray. Zary velona ahiahy sy mitady handrava ny maha mahatoky sy marina ny Tenin'Andriamanitra ankehitriny, na ireo mpitondra fivavahana fara tampony aza. Mametraka olana ny amin'ny fahefân'ny Tenin'Andriamanitra izy ireo. Noho izany, zava-dehibe tsy azo atao ambanin-javatra ny hahafehezan'ireo zanak'Andriamanitra ny fototra iorenan'ny finoana kristiana. Ny Soratra Masina no feon'Andriamanitra mipaka mivantana amin'ny voariny, ka ny finoana an'izay ambarany, ny fankatoavana azy, ary ny fanekena tanteraka ho eo ambany fahefany, no andrasana amintsika.

Ny « Soratra Masina rehetra » dia « tsindrimandrin'Andriamanitra » avokoa, hoy ny apôstôly Paoly<sup>1</sup>. Tsy vitan'ny hoe *mirakitra* ireo teny nomen'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny tsindrimandry ihany ny Soratra Masina – izany no

---

1.2 Timoty 3. 16

foto-kevitra ironan'ny ankamaroan'ireo mandà ny tsindrimandry nambara am-bava mivantana – fa izy mihitsy, dia izy iray manontolo, no tsindrimandrin'Andriamanitra.

Milaza ny fialany eto an-tany ho efa antomotra i Paoly ao amin'ny Episitily nosoratana ho an'i Timoty, izay nisintonana an'io teny notanisain-tsika tetsy ambony io<sup>2</sup>. Mainka tena ilaina mihitsy amin'izao fotoana hialan'i Paoly izao ny hifikiran'ireo mpino amin'ny fahalalana ny loharano niavian'ny Tenin'Andriamanitra, ny maha mahatoky sy marina azy, ary ny maha manan-danja ny tsindrimandry avy amin'Andriamanitra. Andriamanitra no loharano niavian'io Tenin'Andriamanitra io. Izy no niteny tamin'ny razana tany aloha, tamin'ny alalan'ireo mpaminany. Mbola izy ihany koa no niteny tamin'ny alalan'ny Zanany, Ilay Teny velona, taty aoriana.

Marina tokoa fa teny sy fomba fitenin'olombelona no ampiasaina ho fantsona ampitana ny fihevitr'Andriamanitra sy ny sitrapony ao amin'ny Soratra Masina. Saingy, Andriamanitra izy tenany ihany no nisafidy an'ireny teny ireny. Nampitainy tamin'ny alalan'ny tsindrimandry ihany koa izy ireny. Ho

---

2. 2 Timoty 3. 16

latsaka avy eny an-tanan'ny kristiana ny sabatra hoentiny miady amin'ny fahavalo, raha toa ka mandà tsy hino izany fahamarinana izany izy; tsy hananany intsony ilay fitaovana hahatonga «ny olon'Andriamanitra ho vonona tsara amin'ny asa tsara rehetra ».

### **Sora-tanana sy dika teny**

Tsy milaza akory izahay fa avy amin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra ihany koa na ireo fahadisoana hita amin'ireo dika teny isan-karazany aza. Ekenay fa mety hanao fahadisoana tokoa ny olona, amin'ny maha olona azy, amin'ny fandikana an'ireo takelaka vita sora-tanana niaingana nanaovana ny dika teny. Anterinay kosa anefa fa tsy ny hevitra ankapoben'ireo fanambaràna nataon'Andriamanitra ihany akory no nampitaina tamin'ireo mpanoratra nofidina manokana hanoratra izany, ka hoe izy ireny no hisafidy izay fomba handrafetany izany rehefa avy eo. Andriamanitra mihitsy koa no nanome an'ireo teny hoenti-milaza ny hafatra. Izany no nataony mba hanana fiorenana avy aminy ka ho mafy orina sy tsy ho azo hozongozonina ny finoan'ireo vahoakany, mandritra ny vanimpotoana mifandimby.

Miresaka ny amin'ireo zavatra nomen' Andriamanitra antsika tamin-kalalahana ny apôstôly Paoly ao amin'ny 1 Korintiana 2. « Izany koa no lazainay », hoy izy, « tsy amin'ny teny ampianarin'ny fahendren'olombelona fa amin'ny teny ampianarin'ny Fanahy Masina ». Izany hoe mbola nampianarin'ny Fanahy Masina koa izany na ireo teny nentina nampita ny fahamarinana aza. Mety hahitana fahadisoana tokoa ao amin'ny fandikana izany an-tsoratra sy amin'ny dika teny; nefa, na izany aza, tsy vitan'ny hoe ny zavatra nampitaina ihany no avy tamin' Andriamanitra fa ny teny nentina nampita izany koa. Teny tsy nisy fangarony tamin'ny kilema mpahazo ny olombelona izany, ary tsy nisy diso. « Nampianarin'ny Fanahy Masina » ireny teny ireny, ary tena anisan'ny Soratra Masina mihitsy koa.

Feno hatsarana Andriamanitra ka niangaliany fatratra ny fanomezana an'ireo fanambaràna nataony. Izany no antony ananantsika betsaka amin'ireo fizaràna isan-karazany ao amin'ny Baiboly, raha vitsivitsy ihany amin'ireo asatoratra nosoratan'olon-tsotra no mba tonga eny ampelatanantsika. Efa antitra dia antitra tokoa ny ankamaroan'ireo boky mandrafitra ny Baiboly. Tsy vitsy amin'ireo dika teny no azo sokajiana ho tena tsara, amin'ny ankapobeny. Kendren'

Andriamanitra mba ho afa-hanongilan-tsofina, ka hahazo ny teny ampiasaina ao amin'ny Soratra Masina, na ireo mpamaky tsy manam-pahalalana firy aza. Matoky tanteraka izy ireny fa milaza zavatra aminy koa ny feon'Andriamanitra.

Tsy iadian-kevitra fa samy manana ny fomba fanoratra manavanana azy avy ireo mpanoratra nomena ny tsindrimandry. Ny an'i Jaona, ohatra, dia samy hafa mihitsy amin'ny an'i Paoly. Kanefa, tsy miteraka fahaserotana akory izany, satria Andriamanitra no efa namolavola sy nifidy mialoha an'izay fitaovana hampiasainy amin'ny asa hanendreny azy.

### **I Kristy, ivon-dresaky ny Baiboly**

Manamafy ny maha avy amin'Andriamanitra marina tokoa ny Testamenta Taloha ny Testamenta Vaovao. Hitanisa andininy maromaro manaporofa izany aho. Nitodika tamin'ireo mpianatra i Petera tao amin'ny Asa 1.16, ka nilaza hoe: « tsy maintsy notanterahina ilay tenin'ny Soratra Masina nampilazain'ny Fanahy Masina rahateo an'i Davida ». Hoy ihany koa i Paoly, ao amin'ny fiafaran'ity boky ity ihany: « Marina izay nampilazain'ny Fanahy Masina an'i

Isaia mpaminany »<sup>3</sup>. Tokana ihany no niteny, na inona na inona fantsona nampiasaina hampitana izay nambaran'Andriamanitra: ny Fanahy Masina, Izay Andriamanitra rahateo. Hoy ny teny entin'ny Hebreo 3. 7 mampiditra ny teny notsoahiny tany amin'ny Salamo 95: «Koa araka izay lazain'ny Fanahy Masina hoe ». Hoy indray koa ny anampiny azy, raha mampitaha ny asa fanompoana tao amin'ny tabernakely amin'ny tontolon'ny kristiana izy, ao amin'ny 9. 8 amin'ity boky ho an'ny Hebreo ity ihany: «Izany no anambaràn'ny Fanahy Masina ». Mihatra ihany indray ao amin'ny Testamenta Vaovao izany ny vavolombelona hita taratra tany amin'ny Testamenta Taloha, amin'ny alalan'io Fanahy iray io ihany. «Nitady sy nikatsaka fatratra » izany fahasovana tian'Andriamanitra hotanterahina amin'ny hafa izany ireo mpanoratra nofidina manokana fahiny. Tamin'ny alalan'ny tsindrimandry no nanomezana azy ireo ny faminiana, ka ny tenany aza tsy mbola nahalala ny hevitra ny zavatra nambarany, fa «nokatsahiny izay andro na izay toetry ny andro notondroin'ny Fanahin'i Kristy tao anatin'ny, raha nambarany rahateo ny fijalian'i Kristy sy ny voninahitra manaraka izany »<sup>4</sup>.

---

3. Asan' ny Apostoly 28. 25 • 4. 1 Petera 1. 10-11

Tena i Kristy marina tokoa no ivon-dresaky ny Baiboly, hatrany amin'ny fiandohany ka hatrany amin'ny fiafarany. Teo anatrehan'Andriamanitra mandrakariva Ilay Olona faharoa. Efa teo Izy, tsy hoe tamin'ny fotoana nanaovany ny laminasany ihany, na nandritra ny fotoan'ny fahariana, fa tamin'ny fotoana nahatafasaraka an'ilay olona voalohany tamin'Andriamanitra, taorian'ny fahalavoana, ihany koa. Tahaka ny maha ivon'izao tontolo izao ny masoandro sy ny maha fitaovana mampirindra ny fiainan'ny voary manontolo azy, no maha ivon'ny fisainan'Andriamanitra rehetra koa an'i Kristy. Izy no anton'ireo fampanantenana rehetra nataon'Andriamanitra. Ekeo ho ivon'ny iray manontolon'ity Boky ity Izy – ny Baiboly izany. Ekeo fa ny haneho ny voninahiny no tanjona kendren'ny Fanahy Masina amin'ny Soratra Masina iray manontolo. Ho voamarikao amin'izay fotoana izay fa misy firindran'ny tokoa ny hevitra raketin'ny Soratra Masina.

Manaporofo ny tena maha avy amin'Andriamanitra azy ny fahafenoan'ny Soratra Masina sy ny fivelarany. «Ny famoahan-kevitra ny faminiana ao amin'ny Soratra Masina dia tsy efan'ny fisainan'ny olona fotsiny ihany », hoy ny apôstôly Petera<sup>5</sup>. Tsy misy ifandraisany mihitsy amin'ny filazana mialoha ny zavatra ho

---

5. 2 Petera 1. 20

avy ataon'ny olombelona akory ny faminaniana, na marina aza fa mety ho filazana ny zavatra ho avy tokoa izy. Tsy ho voazava mihitsy ny hevitr'ireny faminaniana ireny, izay tsy voafehy ho amin-javatra vitsivitsy monja, raha tsy afantoka amin'ny tena ivony: ny voninahitr'i Kristy sy ny fampioenana ny fanjakany. Niankina indrindra tamin'ireo zavatra roa ireo no nifidianana sy nanomanana an'ireo olona nampiasaina ho fitaovana hitondra ny fanambaràna. Tsy ny sain'ireny olona voafidy tao anatin'ny maro ireny fotsiny no nentiny nampita izany fa ny «Fanahy Masina no nanosika» azy, ary ny herin'ny Fanahy Masina no nitenenany.

Vokatry ny Fanahy iray ihany ireo boky rehetra mandrafitra ny Baiboly, ary iray ihany ny tanjony: ny *voninahitr'i Kristy, na ny mahakasika ny fanjakany eo amin'ny Isiraely ety an-tany izany, na ny fanjakany any an-danitra, dia eo amin'ny Fiangonana.*

Nametraka ho ambony dia ambony ny lanjan'ny Soratra Masina na ny Tompo Jesoa aza. Nanankim-po tamin'ny Rainy Izy no sady fatra-mpankatò Azy. Ny teny hoe «fa voasoratra hoe» no nentiny nanakombona ny vavan'ny mpaka fanahy. Lefy ny herin'i Satana rehefa nanoloana an'ilay Iray nanankina ny manontolom-piainany sy ny asany tamin'ny Tenin'Andriamanitra.

Anjarantsika ny manontany tena raha toa mbola misy tokoa ireo efa tena kristiana, kanefa tsy ampy fahalalana ny Tenin'Andriamanitra. Matetika isika no tsy mahita izay tsangan-kevitra hironana, rehefa tojo olana manoloana fiheverana roa mifanohitra amina lohahevitra iray. Matetika isika no very hevitra ny amin'izay tokony na tsy tokony hatao manoloana ny toe-javatra iray mahasanganehana. Izany no mitranga satria tsy tena marim-pototra ny fananantsika finoana velona sy azo tsapain-tanana ny amin'ny mahafeno sy ampy tanteraka ny Soratra Masina!

### **Ny Testamenta Taloha ao anatin'ny Testamenta Vaovao.**

Ampifandraisin'ilay Mpamonjy nitsangana tamin'ny maty amin'ny tenin'ny Soratra Masina ny teniny, ao amin'ny toko farany amin'ny filazantsara nosoratan'i Lioka: «Izao no teniko izay nolazaiko taminareo fony mbola teo aminareo Aho, fa tsy maintsy ho tanteraka izay rehetra nanoratana Ahy tao amin'ny lalàn'i Mosesy sy ny mpaminany ary ny Salamo». Ny teniny izay nolazainy aloha no notsindriny voalohany, ary ireo teny voasoratra araka ireo fitsinjarana telon'ny Testamenta Taloha, izay

diso fantatra loatra, rehefa izany: i Mosesy, ny mpaminany ary ny Salamo. Ataony mitovy lenta ireo, mitovy laharana fa tsy misy avo sy iva. Ampifandraisiny amin'io Testamenta Taloha eny am-pelatanantsika ankehitriny io ny teny nambarany. Mitranga ihany indray io fampifandraisana io ao amin'ny Jaona 2. 22: «Rehefa nitsangana tamin'ny maty Izy dia tsaroan'ny mpianany fa efa nilaza izany Izy, ary dia nino ny *Soratra Masina sy ny teny izay nolazain'i Jesoa izy*». Hitantsika eto fa mitovy ny fahefàn'ny teny voasoratra sy ny teny niloaka ny vavan'i Kristy eo amin'ny olona.

Hoy i Jesoa ao amin'ny Jaona 5. 46: «Fa raha mba nino an'i Mosesy ianareo dia hino Ahy, satria nanoratra nilaza Ahy izy. Fa raha tsy mino izay nosoratany ianareo, hataonareo ahoana no fino ny teniko?» Mifampitohy tsara izany izay rehetra ambara ao amin'ny Soratra Masina, na taonjato marobe mialoha ny fiavian'i Kristy aza no nanoratan'i Mosesy. Izany no mitranga satria Tenin'Andriamanitra izy. Loharano iray ihany no nipoirany na i Mosesy no nilaza azy na ny Zanak'Andriamanitra. Tenin'Andriamanitra ny tenin'i Kristy, ny Ray no nanome Azy izany<sup>6</sup>. Iza moa no hametraka ahiahy fa tsy manana fahefana feno ny tenin'Andriamanitra Ray?

---

6. Jaona 3. 34; 12. 49; 14. 10 • 7. Lioka 16

Hitantsika anefa fa mainka omen'ny Tompo lanja kokoa izay voasoratra noho izay voalaza. Ambara ao amin'ilay fanoharana ny amin'i Lazarosy, izay nampahitan'i Jesoa antsika ny tontolo tsy hita maso, fa nangataka an'i Abrahama ilay lehilahy mpanankarena mba handefa iraka ho any amin'izy dimy mirahalaha rahalahiny hampiomana azy ireo. Hoy anefa ny navalin'i Abrahama: «Manana an'i Mosesy sy ny mpaminany izy, aoka hihaino ireo izy». Hoy indray ilay mpanankarena: «Tsia ry Abrahama raiko, fa raha misy miala amin'ny maty hankany aminy dia hibebaka izy». Fa hoy i Abrahama: «Raha tsy mihaino an'i Mosesy sy ny mpaminany izy dia tsy hety hino na misy mitsangana amin'ny maty aza»<sup>7</sup>. Ireo boky nosoratan'i Mosesy sy ny mpaminany no vavolombelona nanambara an'Andriamanitra tamin'ny fotoanandrony. Tsy hoe fahefana ambony kokoa anefa akory no ananantsika, raha toa ka fanambaràna feno kokoa no anjarantsika ankehitriny. Amafisin'io teny farany nambaran'i Abrahama io fa tsy hino mihitsy an'ilay Iray izay nitsangana tamin'ny maty isika, raha toa ka manampin-tsofina amin'ireo Teny voasoratra.

## **Fahatanterahan'ny faminaniana.**

Porofonon'ny iray hafa koa, izay maneho ny maha iray ihany ny Soratra Masina manontolo, ny fahatanterahan'ny isanisany amin'ireo faminaniana mikasika an'i Kristy. Tsy nisy latsaka izy ireny, na iray aza. Ao amin'ireo filazantsara sy ny bokin'ny Asan'ny Apôstôly no ahitantsika ny fahatanterahany. Tanteraka avokoa ny teny faminaniana rehetra mikasika ny fahoriana holanjain'ilay Mpamonjintsika, eny hatramin'ny tendron-tsoratra aza, nandritra ilay oran'ny hazofijaliana. Jiolahy roa no niara-nohomboana taminy, ary hoy indrindra Izy: «Tsy maintsy ho tanteraka amiko izao voasoratra izao hoe: 'Ary Izy natao ho isan'ny mpanota'»<sup>8</sup>. Nilokan'ny miaramila ny fitafiany, «mba hahatanteraka ny Soratra Masina»<sup>9</sup>. Mbola hisy zavatra iray loha koa tsy maintsy ho tanteraka. Voalaza ao amin'ny Salamo 69 mantsy fa «zava-mangidy no nomeny hohaniko, ary vinaingitra no natolony Ahy hosotroiko raha nangetaheta Aho» (and. 21). Noho izany, «mba hahatanteraka ny Soratra Masina», dia hoy i Jesoa: «Mangetaheta Aho»<sup>10</sup>, «ary nisy... vinaingitra... teo». Tanteraka avokoa ankehitriny ireo faminaniana rehetra mikasika izay hitranga manodidina ny fahafatesany, ka

**8.** Lioka 22. 37; Isaia 53. 12 • **9.** Jaona. 19. 24; Salamo 22. 19 • **10.** Jaona 19. 28

hoy i Jesoa hoe: «vita», ary rehefa nanondrika ny lohany Izy dia nanolotra an-tsitrapo ny fanahiny. Mbola velona ireo jiolahy niara-nohomboana taminy tamin'izay fotoana izay, ka notapahin'ny miaramila ny ranjony. I Jesoa kosa «maty sahady», tanteraka ihany indray izay voalazan'ny Soratra Masina: «Tsy hisy hotapahina ny taolany»<sup>11</sup>. Lehilahy romotry ny fankahalana no indro nanindron-defona ny andilany, kanefa mainka nanatanteraka ny voalazan'ny Soratra Masina izany: «Hijery izay nolefonina izy»<sup>12</sup>.

## **Fanambaràna avy amin'Andriamanitra.**

Asa vita rary iray tsy azo sarahina ny Baiboly. Handrava azy manontolo ianao vantany vao misintona kofehy iray monja amin'io rary io. Midika ho tsy fanekena azy iray manontolo ny fanoheranao ny ampahany amin'ny fahefàny.

Ny Soratra Masina no hany milaza amintsika ny marina madiodio sy tsy misy fangarony, satria Andriamanitra no loharano nipoirany. Ampy ho toky sy ho antoka ho antsika izy manoloana ireo hevitra mifanohitra sy tsy azo antoka, hevitra miovaova manaraka ny fisainan'olombelona.

---

**11.** Jaona 19. 36; Ekosodosy 12. 46; Salamo 34. 20 • **12.** Jaona 19. 37; Zakaria 12. 10



Manamafy ny maha avy amin'Andriamanitra marina tokoa ny Testamenta Taloha ny Testamenta Vaovao. Hoy ny voalazan'ny Matio 1.22: «Ary izany rehetra izany dia tonga mba hahatanteraka izay nampilazaina ny mpaminany». Hoy indray ny 2. 15: «Ary nitoetra tany izy ambara-pahafatin'i Heroda mba hahatanteraka izay nampilazain'i Jehovah ny mpaminany». Vakio koa ny Asan' ny Apostoly 3. 18: «Fa izany no nahatanterahan'Andriamanitra ny zavatra nampilazainy ny mpaminany rehetra rahateo, fa hiaretan'ny Kristiny»; ary eo amin'ny and. 21: «Ilay tsy maintsy horaisin'ny lanitra mandra-pahatonga ny andro fampodiana ny zavatra rehetra, izay nampilazain'Andriamanitra ny mpaminany masina hatramin'ny voalohany indrindra».

Tsy ho azo eritreretina mihitsy ny hoe ny votoatin-kevitra fotsiny no nomen' Andriamanitra, ary ireo mpanoratra no namoaka izany araka izay fomba tiany nandrafetana azy. Tsia, maneho mazava ireo teny notanisaina rehetra ireo fa Andriamanitra mihitsy koa no nanonona an'ireo teny hosoratana ao amin'ny Soratra Masina. Fantsona natao hampitana izany ihany ireo mpaminany. Rano velona madio tsy misy fangarony, izay mivoaka avy ao amin' Andriamanitra, no tonga ety amintsika. Izany

fahadiovany hatrany am-piandohana izany no ampitain'ny Baiboly amintsika, ny tena fahamarinana tanteraka, ary izany ihany. Mbola ny Fanahin'Andriamanitra ihany koa no manolotra sy manazava, ary mampihatra izany fahamarinana izany amin'ireo kristiana.

Ao amin'ny toko faha-7 amin'ny bokin'ny 1 Korintiana no ahitantsika fanaporifoana fa na ireo mpanoratra izy tenany aza dia miaiky fa avy amin'Andriamanitra ny zavatra ampitainy. Asian'i Paoly fanavahana ny fijeriny manokana, amin'ny maha olona ara-panahy azy, sy izay voarainy tamin'ny alalan'ny baiko nomen'ny Tompo, eto amin'ity teny ity. Tsindrimandry avy amin'Andriamanitra no nilazany izany fiavahana izany. Hoy izy, raha nanindry zavatra sasantsasany: «Dia didiko, nefa tsy izaho fa ny Tompo»; «Fa amin'ny sisa, dia hoy izaho, fa tsy ny Tompo» (and. 10, 12). Hoy ihany koa izy raha niresaka mikasika zavatra hafa indray: «Tsy manana didy avy amin'ny Tompo aho, nefa ataoko izay hevitra – na, 'raha araka ny hevitra'» (and. 25). Asiany fanavahana izany ny vokatry ny fisainany manokana, «izay niantran'ny Tompo azy ho mahatoky» - ary mbola ny Fanahy Masina ihany no nitarika azy raha nandray izany hevitra izany izy – sy ny baiko mivantana azony tamin'ny alalan'ny tsindrimandry. Hitantsika amin'izany fa

mivantana, tsy misy mpanelanelana, ny fanomezana an'ireo fanambaràna voarakitra ao amin'ny Soratra Masina, ary ny fahefàn' Andriamanitra no mandrakotra azy. Izany hery notinafiny taloha izany ihany no mbola hery isalorany koa, raha tonga ety amintsika kosa indray izy ankehitriny.

### **Ahoana no fomba famaky ny Soratra Masina?**

Toetra roa no manamarika ny olona mpivavaka amin'Andriamanitra, araka ny hita ao amin'ny Salamo 1: voalohany indrindra, «ny lalàn'i Jehovah no sitrany»; faharoa, «ny lalàny no saintsaininy andro aman'alina». Tsy ampy izany ny famakiana fotsiny ny toko iray ao amin'ny Baiboly. Tsy maintsy arahina fisaintsainana ambavaka sy fiankinana feno amin'Andriamanitra izany, mba ho lzy izay nanolotra antsika an'io Boky io no hanazava ny saintsika ihany koa hahatakatra ny tiany hambara. Amin'izany ihany vao hitondra soa ho an'ny fanahintsika ny famakiana ny Tenin'Andriamanitra.

Mipetraka matetika ny fanontaniana manao hoe: nahoana àry no misy amin'ireo kristiana manaiky ny fomba fijery sy ny foto-pampianarana sasany ho avy amin'ny Soratra Masina, kanefa ny hafa mahita izany ho diso sy

ho loza mitatao mihitsy aza? Avy aiza no ipoiran'izany tsy fitovian-kevitra, izay mahatonga henatra ho antsika eo imason'Andriamanitra, izany? Tsy maintsy mivonona handray ny fampianarana atolotr'Andriamanitra isika raha te hianatra aminy. Mitaky fandavan-tena izany, mitaky fomba fijery tsotra, ary fo tsy misaina afa-tsy i Kristy sy ny voninahiny.

«Nefa izao no olona hotsinjoviko, dia izay malahelo sy torotoro fanahy sady mangovitra noho ny teniko»<sup>13</sup>. Zava-dehibe tokoa izany! Tsy misy zava-dratsy mendrika ny hankahalaina mihoatra ny fampiharan'ny olombelona ny fahalalany amin'ny zavatra mikasika an' Andriamanitra. Manindraindra ny olombelona mantsy izany fahalalana izany, fa manao an-jorom-bala an'Andriamanitra kosa. Inona moa no antony iandrantsika ny fitahian' Andriamanitra, raha toa ka izay mahafinaritra ny saintsika ihany no arahintsika, ary terentsika hifanaraka amin'ireny fisainantsika ireny ny Soratra Masina? Mitranga matetika anefa ny toy izany. Ankoatra izany, tsy ampy ny fananana ny Soratra Masina eo am-pelatanana, fa ilaina indrindra koa ny fananana ny Fanahy Masina. Izy mantsy no nanonona an'izay hosoratana ao

---

13. Isaia 66. 2

amin'io Boky io. Izy no manazava azy, ary Izy no nampisy an'ireo fizarana isan-karazany, mba ho fitarihan-dalana antsika manoloana ny isanisany amin'ireo tranga manokana diavintsika : « Nampodian'Andriamanitra ho fahadalana ny fahendren'izao tontolo izao ». Fa « ny Fanahy mamantatra ny zavatra rehetra, na dia ny saina lalina izay an'Andriamanitra aza »<sup>14</sup>.

Mahazo fampaherezana ny mpino mahatoky, ao anatin'ny fotoan-tsarotra, noho ny fahafantarany fa mampianatra azy Andriamanitra. Manan-kery hitari-dalana sy hanazava an'ireo rehetra miaina ao amin'ny finoana, dia ireo miankin-doha aminy marina tokoa, Izy.

Ndeha isika hangataka ny fanampiany mba hahatakarantsika ny lanjan'ny Soratra Masina, sy ny maha ampy tanteraka azy, ao anatin'ny andro mahory diavintsika ankehitriny. Raha rava ny zavatra rehetra, ary esorina amintsika izay rehetra ananantsika, Andriamanitra sy ny Teniny kosa ho fananantsika mandrakizay. Mampahery tokoa ny fahalalana fa tsy mba miova io Tenin'Andriamanitra io. Ny lanitra sy ny tany ho levona fa ny Tenin'Andriamanitra kosa haritra mandrakizay!

---

<sup>14</sup>. 1 Korintiana 1. 20 ; 2. 10